# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA- ALAROBIA 09 SEPTAMBRA 2020

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**FAMETRAHANA ORINASA ANY ATSIMO MAMOKATRA SAKAFO HO AN'NY ZAZA SY IADIANA AMIN'NY TSY FANJARIAN-TSAKAFO:**

Tafiditra ao amin'ny lamina sy ny tetikasa mati-paika hoentina hametrahana vahaolana maharitra any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy ny Filohampirenena mba hanaisotra tanteraka ny olan'ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny haintany any Atsimo indrindra ireo mianjady amin'ny zaza madinika. Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny fitondrana Malagasy sy ny Nutriset izay miara-dalana amin'ny Fondation Mèrieux, hanokatra orinasa fanodinana sakafo be otrikaina ho an'ny zaza sy ny reny ary indrindra ireo iharan'ny tsy fanjarian-tsakafo.

Tetikasa azo refesina sy misy fiantraikany mivantana amin'ny fiainan'ny mponina no hoentina sy hotanterahana any Atsimo araka ny efa nolazaina hatrany am-boalohany. Afaka herinandro vitsy dia ho tonga eto Madagasikara ny milina rehetra fanodinana izay entin'ireto mpandraharaha sy mpiray antoka amin'ny fitondram-panjakana ireto ! Toy izao ny taratasy nataon'Atoa. Filoham-pirenena hoan'ny mpikambana rehetra ao anatin'ny Governemanta :

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

***TARATASIN'ANDRIAMATOA FILOHAM-PIRENENA***

Andriamatoa Praiminisitra,

Ramatoa sy Andriamatoa isany Minisitra,

Andriamatoa Minisitra lefitra,

Andriamatoa Sekreteram-panjakana,

Isika eto Madagasikara dia isan'ireo voafidin'ny firenena maro hitarika ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, izay isan'ny noraisiko ho ady manokana sy goavana mandritra ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Mila vahaolana maharitra anefa izany, ary mitaky fandavan-tena sy fahavonona hanarina sy hitondra sosokevitra mafonja, azo tsapain-tanana, azo faritana ary azo hampiharina avy hatrany amin'ny alalan'ny fampiasana ny zava-misy eto an-toerana sy ny fandrisihana ny fahaiza-manao misy eto amintsika.

Fantantsika tsara fa ny antsasaky ny zaza malagasy dia mizaka io tsy fanjarian-tsakafo io ary izay no mahatonga azy ireo kely miohatra amin'ireo zaza hafa satria misy fahatarany ny fitomboany ary izay ihany koa no isan'ny mahafohy ny fotoam-pahavelomantsika Malagasy amin'ny ankapobeny.

Ny vahaolana maharitra entiko eto aminareo hiadiantsika amin'ity tsy fanjarian-tsakafo ity izay saika mahakasika ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy indrindra ny any Atsimo dia ny fananganana orinasa afaka mamokatra ireo sakafo be otrikaina natokana ho an'ny zaza. Izany no antony nifanatonako manokana tamin'ny Fondation Mérieux izay naneho ny fahavononany sy ny fahaiza-manaony eo amin'ny sehatra ara-tsosialy hifanohana amintsika Malagasy.

Isan'ny sangany ary fanta-daza maneran-tany ny Fondation Mérieux eo amin'ny fanatsarana ny fahasalamana amin'ny alalan'ny fampivelarana ireo ady rehetra amin'ny areti-mifindra izay tena mahakasika ny olona marefo indrindra ny mahakasika ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ary isan'ny mitana toerana goavana amin'izany ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo.

Tao anatin'ireo dinika rehetra nifanaovana tamin'izy ireo, no nahafahantsika nampifandray ny Fondation Mérieux sy ny Nutriset, izay orinasa matanjaka sy sangany amin'ny famokarana sakafo be otrikaina natokana hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Ka izy ireo no hamokatra, hanodina ary hitsinjara sy hanaparitaka ny vokatra manerana ireo toeram-pitsaboana sy ireo toerana miahy ny vehivavy bevohoka sy ny ankizy

Ny anjara andraikintsika ato anatin'ny fitondram-panjakana dia ny manampy ny orinasa Nutriset amin'ny alalan'ny fanatanterahana io tetikasa fananganana ity orinasa ity any amin'ny faritra atsimo, mametraka ihany koa ny fandaharanasa hoentina mampiroborobo ireo orinasa mamokatra ireo sakafo ara-pahasalamana be otrikaina entina misoroka sy mitsabo ny tsy fanjarian-tsakafo arakaraky ny filan'ny mponina sy ny toe-java-misy eto amintsika isam-paritra. Eo ihany koa ny fijerena sy fametrahana ireo fepetra sy didy aman-dalána isan-tokony hanamorana ny fijoroan'ny orinasa, ny fampiodinana ilay orinasa, ny fanalefahan-ketra sy ny haba izay mila ampandalovina eto anivon'ny Filankevitry ny Minisitra. Izany no atao dia ny mba hampanjariantsika ho mendrika ilay ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ny politika sy ny paik'ady hampiharintsika ato anatin'ny fitondram-panjakana satria isika dia tsy mitondra famatsiam-bola fa mametraka lamina fotsiny ihany ahafahan'ilay orinasa mivelatra sy ireo vokatra hipaka any amin'ny vahoaka Malagasy tsy an-kanavaka izay tokony hisitraka izany.

Ny Fondation Mérieux no hitondra manontolo ny famatsiam-bola, ny orinasa NUTRISET no hametraka sy hampiodina ny orinasa miaraka amin'ireo mpisehatra ara-pahasalamana miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Ny toky nomen'ny NUTRISET ankoatra ny famoahana vokatra ara-pahasalamana sy manaraka ny fenitra ary ny filan'ny mponina dia ny hamorona asa ho an'ny faritra iasany ihany koa, ary hampiasa ny vokatra avy eto an-toerana.

Zava-dehibe amintsika ity ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ity satria io no mitsinjo ny mahaolona ary miantoka koa ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy manontolo. Noho izany manana lanjany manokana ity tetikasa ity koa manantena ny fiaraha-mientantsika rehetra ato anatin'ny governemanta amin'ny fanatanterahana sy fanarahana akaiky ity tetikasa ity.

Antananarivo, faha 09 Septambra 2020

Ny Filoham-pirenena

**Andry RAJOELINA**